## Fanambarana iombonan'ny antoko politika resy lahatra mikasika ny zotram-pifidianana azo antoka sy mangarahara

Izahay, antoko politika, mahatsiaro manan'andraikitra eo anatrehan'ny firenena sy tapakevitra hivondrona ho fiarovana ny soatoavina repoblikana ho fisorohana ny mety hisian'ny krizy vaovao indray ka hamela takaitra goavana ho an'ny fiainam-pirenena

Dia manameloka ny fihetsiky ny fitondrana izay manakatom-baravarana amin'ny fifampiresahana ka tsy mampiseho fahavononana ny amin'ny hisian'ny fifidianana andraisan'ny daholobe anjara sy mangarahara,

Manindrahindra ny demokrasia sy ny fihavanana,

Taorian'ny fifampiresahana malalaka sy ankitsipo niaraka tamin'ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena, izay nanambara ihany koa ny ahiahiny manokana momba ny fifidianana filoham-pirenena ho avy sy ny eny anivon'ny kaomina,

Dia tapakevitra fa :

- hanolotra eny anivon'ny Antenimiera, mandritra ny fivoriana ara-potoana voalohany, ny fanovana ny lalàna fehizoro mikasika ny fifidianana amin'ny ankapobeny sy ny fitsapankevibahoaka mba hisian'ny zotram-pifidianana mangarahara, andraisan'ny besinimaro anjara tsy manavakavaka ary indrindra ny hisian'ny fangaraharan'ny vola ampiasain'ny mpirotsaka ho fidiana sy ny famerana izany eo ambany fanarahamason'ny Vaomiera mpanaramaso ny famatsiambolan'ny antoko politika ary ny fitovian'ny mpirotsaka mandritra ny fotoam-pifidianana;
- hanokatra ny fifanakalozan-kevitra amin'ireo mpisehatra tsara sitrapo rehetra izay mitovy fijery sy manana tanjona mitovy aminay;
- hifanome tanana amin'ny hery velona rehetra eto amin'ny tany sy ny fanjakana ho fanabeazana ny vahoaka malagasy mikasika ny raharaham-pifidianana sy ny fanarahamaso manontolo ny raharaha amin'ny androm-pifidianana;
- hampiasa ny herinay manontolo mba hahatonga ny vehivavy sy ny tanora ary ireo sokajin'olona marefo handray anjara feno amin'ny zotram-pifidianana.

Natao teto Antananarivo, androany faha-23 martsa 2023

Ny antoko politika manao ny fanambarana

ANTSO

Otrikafo

MTS TMR MFM V3F FIOMBONANA